*« Miarahaba ny Birao Nasionaly tonga soa aty amin'ny Ankohonana FKMR,*
*Miarahaba anareo mpikambana rehetra anatin'ny filan-kevitra nasionaly ihany koa*
*Manentana antsika hiara-hiombom-bavaka »*

**ALAHADY FAHA- 33**

**mandavantaona TAONA— A**

**19 Novambra 2023**

**« *AHAZOANA HASAMBARANA***

***NY MIASA AMIN-KERIM-PO* »**



# Vory eto izahay

1. Vory eto izahay hiaraka hivavaka
   Ny hasinao handravaka ny fiainanay, ry Tompo ô
   Vory eto izahay hiaraka hivavaka
   Mitalaho manantena famonjena

   **Tsotra ny fiteninay raha miresaka Aminao**
   **Hamasino izahay vahoakanao**
   **Ô ry Ray malalanay, mba henoy ny vavakay**
   **Vavaka asandratray tsy tapaka**


# Vory eto izahay

2. Vory eto izahay hiaraka hivavaka
Mafy anie ny lalana izoranay, ry Tompo ô
Vory eto izahay hiaraka hivavaka
Iray fo ao aminao Rainay

**Tsotra ny fiteninay raha miresaka Aminao**
**Hamasino izahay vahoakanao**
**Ô ry Ray malalanay, mba henoy ny vavakay**
**Vavaka asandratray tsy tapaka**



Fiarahabana apostolika


Fifonana
Ianao ilay nirahina


# Ianao ilay nirahina

1. Ianao ilay nirahina hanasitrana ny fo mivalo
Tompo ô, mamindrà fo aminay
Mamindrà fo aminay, ry Tompo ô - Mamindrà fo aminay
Mamindrà fo aminay, ry Tompo ô - Mamindrà fo aminay


2. Ianao ilay tonga hiantso ny mpanota
Kristy ô, mamindrà fo aminay
Mamindrà fo aminay, Kristy ô - Mamindrà fo aminay
Mamindrà fo aminay, Kristy ô - Mamindrà fo aminay


# Ianao ilay nirahina


3. Ianao ilay mipetraka eo ankavanan'ny Ray
Mba ho mpanalalana anay,
Tompo ô, mamindrà fo aminay.
Mamindrà fo aminay, ry Tompo ô -  Mamindrà fo aminay
Mamindrà fo aminay, ry Tompo ô - Mamindrà fo aminay



# Voninahitra


Voninahitra
Voninahitra anie, voninahitra anie
Ho an'ny Ray ao ambony tsy taza-maso etý;
Fiadanana anie, fiadanana anie
Ho an'ny olona tiany, namindrany fo.
1 Midera anao izahay,
Mankalaza anao, mitsaoka anao,
Mihoby ny hasinao,
Misaotra anao 'zahay. (Voninahitra)
1/4


Voninahitra
Voninahitra anie, voninahitra anie
Ho an'ny Ray ao ambony tsy taza-maso etý;
Fiadanana anie, fiadanana anie
Ho an'ny olona tiany, namindrany fo.
2 Ry Tompo Andriamanitray ô,
Rainay ianao, Mpanjakanay ianao,
Mahefa ny zava-drehetra:
Ny tany sy ny lanitra. (Voninahitra)
2/4



Voninahitra
**Voninahitra anie, voninahitra anie**
**Ho an'ny Ray ao ambony tsy taza-maso etý;**
**Fiadanana anie, fiadanana anie**
**Ho an'ny olona tiany, namindrany fo.**
3 Ry Jesoa Tomponay ô,
Zokinay ianao fa Zanaky ny Ray,
Ianao manala ny ota,
Ka mamindrà fo aminay. (Voninahitra)
3/4

## Voninahitra

**Voninahitra anie, voninahitra anie**

**Ho an'ny Ray ao ambony tsy taza-maso etý;**

**Fiadanana anie, fiadanana anie**

**Ho an'ny olona tiany, namindrany fo.**

4 Ianao irery no Tompo,
Ambony indrindra, ankavanan'ny Ray,
Miaraka amin'ny Fanahy,
Ka omem-boninahitra. (Voninahitra)

## VAKITENY MASINA VOALOHANY

**Boky Ohabolana 31, 10-13. 19-20. 30-31**

***« Aoka ny vokatra avy amin'ny tanany homena azy ».***

## SALAMO 22: Sambatra anie aho ka sambatra

***Fiverenana: Sambatra anie aho ka sambatra***
***Manana an'i Iaveh ho mpiaro. (indroa)***



« VAKITENY MASINA FAHAROA


Taratasy voalohan'i Md. Paoly Apôstôly ho an'ny kristianina

tany Tesalônika 5, 1-6

« Aoka ny andron'ny Tompo tsy hahatratra anareo tahaka ny

mpangalatra ».

»


Aleloia raisinay ny tenin-Janahary e
Fitsenana ny evanjely

**Aleloia Teny mahatoky tokoa**

Aleloia
Teny mahatoky tokoa izao teny izao
Aleloia

## Evanjely Masina nosoratan'i Md Matio 25, 14-30

*« Noho ianao nahatoky tamin'ny kely*

*dia miaraha mifaly amin'ny tomponao ».*

Fiekem-pinoana:

*Averina eto indray ny teny napetra-tsika*



## Ranom-bavaka

Jesoa, Jesoa, ny herin'ny
Teninao anie hanova ny
fiainanay

# Hira Rakitra 1:

# Tompo ô izany hafaliako

**Tompo ô, 'zany hafaliako zanakao natsanganao e;**
**I Kristy no ato amiko: velona aho fa velona izy.**

1. I Kristy no masoandro be, hazavana avy aminao, ry Ray;
Izahay no toy ny tarany manazava izao tontolo izao.

2. Faniriana ny ho velona, vetsovetso ny ho sambatra;
I Kristy no tena aina, hasambarana mandrakizay.

# Hira Rakitra:

## Tompo ô izany hafaliako

3. Fikasana ny hihavana, mba ho tia sy hotiavina;
I Kristy no be fitiavana, izy monina ato am-ponay.

4. Tia anao 'zahay fa zanakao, Rainay tsy mbola hitanay;
I Kristy eto afovoanay no mitaona anay ho aminao.

Hira Rakitra:

Mba sambatra izay mitia manompo

**Mba sambatra e izay mitia manompo,**
**Tsy mitady ny hotompoina e:**
**mba sambatra.**

3 Ireo mpanompo mahari-tory
Hamoha ny Tompo eny am-bavahady:
Ny Tompo no handroso sakafo ho azy:
mba sambatra.



Hira Fanolorana:

Ndao isika re, ry aba

## Hira Fanolorana: Amin’ny fo madio o Baba

**Amin’ny fo madio a, Baba,**
**No anoloranay e! Ireto fanatitray e!**
**Amin’ny fo madio a, Baba,**
**No anoloranay e! Ireto fanatitray e!**
**Ho fiderana anao, hisaoranay anao,**
**ia e e amin’ny fo madio ô amin’ny fo madio ô**

1. Anao Baba no anolorana, - 'Ty mofo sy divay
Ho vatana ho ràn’ i Jesoa - Ho tohim-pihavanana
Ho sorom-pitahiana - Ho a a Baba a
Anao any an-Danitra - A Baba e.

Hira Fanolorana: Amin’ny fo madio o Baba

**Amin’ny fo madio a, Baba,**
**No anoloranay e! Ireto fanatitray e!**
**Amin’ny fo madio a, Baba,**
**No anoloranay e! Ireto fanatitray e!**
**Ho fiderana anao, hisaoranay anao,**
**ia e e amin’ny fo madio ô amin’ny fo madio ô**

2. Anao Baba no anolorana - Ny tenanay tontolo
Ny fikasana jiaby - Miaraka amin’ i Jesoa
Ho jôro ho an’ny hafa - Ho a a Baba
Anao any an-Danitra - A Baba e.


Vavaka

Masina, masina, masina
Masina, masina, Anao Ry Tompo

Feno ny voninahitrao,
Ny tany aman-danitra (2 fois)
Hozana, hozana, hozana
Hozana any amin'ny avo indrindra

Hosoavina anie ilay avy,
Ilay avy amin'ny anaran'ny Tompo (2 fois)
Hozana, hozana, hozana,
Hozana any amin'ny avo indrindra




Fanamasinana

## Anamnezy

Resinao ny fahafatesana ry Tompo
Fa natsangan'Andriamanitra lanao.

Fahefana tsisy fetra no azonao,

Manan-jara lahy 'zahay fa mino anao!

Tsy ho levona fa mbola ho avy lanao. (indroa)

**Mbola ho avy ny Tompo e,**

**Mbola ho avy hitsara.**

**Mbola ho avy izy e, mbola ho avy!**



Anamnezy

2. Niakatra any an-danitra any ianao, ry Tompo,

Mba hanomana ny toerana ho anay;

Mbola ho avy anefa ianao ka haka anay,

Saingy ny hafatrafatrao mandidy anay

Tsy hibanjina, ny lanitra eo izahay! (indroa)

**Mbola ho avy ny Tompo e,**

**Mbola ho avy hitsara.**

**Mbola ho avy izy e, mbola ho avy!**





Fanamasinana


Notre père

Notre Père qui êtes aux cieux
Que ton nom soit sanctifié
Que ton règne vienne
Que ta volonté soit faite
Sur la terre comme au ciel

Donne-nous aujourd'hui
Notre pain de ce jour
Pardonne-nous nos offenses
Comme nous pardonnons aussi
À ceux qui nous ont offensé



Ne nous laisse pas

Entrer en tentation

Mais délivre-nous du mal

Car c'est à toi qu'appartiennent

Le règne, la puissance et la gloire

Pour les siècles des siècles

Amen

# Iray vatsy

Andriamanitra indreto ny tananay izay mifandray
Mariky ny fo mifankatia sy finoana iray
Tsy manana heloka an-dolompo toy ny lasa ireny
Fa iray vatsy sy iray aina araky ny teny

Mamy tokoa lahy 'zany dia rehefa tena tia
Fa ny fihavanana ao Aminao mampiara-dia e!
Zary fanilo sy famantarana ho an'ny tany,
Miara-midola mifampitosy any an-danitra any

# Iray vatsy

O, o, o mamy ny tena fitiavana!
Eny e ! 'zany ny tena fitiavana
Mandrakizay ny fitiavanao, )
ka ho mandrakizay ny fihavananay e ) (2)
Miara-misotro indray ny kalisy iray )

Tianay e, maminay e!
Tianay e, ny Fiangonana maminay
Tianay e, maminay e!
Tianay e,tianay ny Fiangonana Reninay!

# Zanak'Ondry

Ry Zanak'Ondrin'Andriamanitra
Ry 'Zay manala ny fahotan'izao tontolo izao!
Mamindrà fo aminay,  mamindrà fo aminay
Mamindrà fo aminay!

Ry Zanak'Ondrin'Andriamanitra
Ry 'Zay manala ny fahotan'izao tontolo izao!
Mamindrà fo aminay,  mamindrà fo aminay
Mamindrà fo aminay!

Ry Zanak'Ondrin'Andriamanitra
Ry 'Zay manala ny fahotan'izao tontolo izao!
Omeo fiadanana izahay, omeo fiadanana izahay!



1/2

# Hira komonio:
# Inty ny ora sarobidy



# Inty ny ora sarobidy

1. Inty ny ora sarobidy hitsanganako
   Handraisako ny Tenanao, ry Jesoa mamiko
   Tsy dia mendrika aho ny hotsidihinao
   Kanefa sitrakao, ka avia re!
     Ô! sambatra aho re!

2. Nandray ny Tenanao ny foko, ry Mpamonjiko
   Ka heni-kafaliana ny fanahiko izao
   Mitsaoka Anao re, misaotra Anao re
   Tsy hitako izay havaliko!
     Ô! sambatra aho re!

# Inty ny ora sarobidy

3. Mba tsofy rano aho sy ny havako rehetra
Sy izay mpanao soa anay sy ny sakaizako
Ho tia anao re, tsy mba handao Anao
Ka samy mba ho tonga an-danitrao
Ô! sambatra aho re!

# Misaotra Anao Jesoa Hostia

1. Misaotra anao, Jesoa hôstia,
Misaotra anao i Madagasikara:
Mahafaly anay ny fitiavanao.

**Dera sy laza no atolotray**
**Ho anao, ry Mpamonjy tsara fo,**
**Anjakao 'zahay, Kristy**.

2. Ny Vatanao sy ny Ranao
No natolotrao hamonjena anay:
Mahagaga loatra ny fitiavanao.

## Hira Rakitra 2:

## Vatolampy tsy mikoro

1. Vatolampy tsy mikoro, vatolampiko Ianao,
Andry mafy mampijoro, vatolampy vaovao.
N'aiza n'aiza misy ahy, na salama na marary,
Vatrako ny mahatsiahy, miantso Anao, ry Zanahary.
**Ny fiainako tontolo no natokako ho Anao;**
**Tsy atakaloko mpisolo: Vatolampiko Ianao. (indroa)**

2. Tsy mba mandry an-driran'antsy ny mifikitra Aminao
Fa matory ivohom-bato: vatolampiko Ianao.
Ny voaary mora miova, misy fetra ka mandao,
Fa Ianao no hany lova: vatolampiko Ianao.

1 - Tsy azo atao hoe : olon-ko azy
Na vahiny intsony ianareo
Fa mpiray fanjakana, Ray ô,
Mankasitraka sesehena ny soa e !
**Mankasitra eee !**
**Mankatelina amin'ny soa rehetra nafafinao, ry Ray ô !**
**Ka misaotra eee !**
**Izay mba hany hery kely vitanay, ry Ray ô !**
2 - Tsy omby tratra ny haravoana
Nanome ny Zanakao ho anay
Ry Fanahy Zanahary Ray ô !
Mankatelina sesehena ny soa e.



3 - Novonjenao izahay, ry Ray ô !
Fa nafoinao hatrany ilay fitia.
Zanakao ilay sitrakao solovoina
Mankasitraka sesehena ny soa e !

4 - Izao fisaoranay izao, ry Ray ô !
Fantatray fa tsy hampitombo ny hasinao,
Nefa izay mba tsapanay hany herinay
Mankatelina sesehena ny soa.



Hira fanirahana: Reo tsy mahalala Anao

1. *'Reo tsy mahalala anao - Na minia tsy mino anao e*
*No iantsoanao ahy - Anirahanao ahy.*
***Koa intý aho, Tompo ô - Mamaly ny antsonao e***
***Hanambara ny finoana e - Amin'ny olona rehetra maminao.***

2. *'Reo anaty aizim-pito e - Mamoy fo indrisy*
*No iantsoanao ahy - Anirahanao ahy.*
***Koa intý aho, Tompo ô - Mamaly ny antsonao e***
***Hanambara fahazavana e - Amin'ny olona rehetra maminao.***

1/2

## Hira fanirahana: Reo tsy mahalala Anao

*3. 'Reo mahantra sy kamboty e - Toa tsy misy mpahalala*
*No iantsoanao ahy - Anirahanao ahy.*

***Koa intý aho, Tompo ô - Mamaly ny antsonao e***
***Hanambara famonjena e - Amin'ny olona rehetra maminao.***

*« MISAOTRA ANTSIKA MIANAKAVY. SAMIA HO TAHIAN'ANDRIAMANITRA DAHOLO E! »*

*Laza* ANDRIARINOSY, *mpandrindra FKMR*